

Teny  
Malagasy

No. 27, Jolay 2020

# Jesoa Velona Ao Amin' i Maria

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information



Picture painted by Fr. Kieran Flynn SMM

## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ;

Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Montfortani, 65, 00135,  
Rome – ITALIE

E-mail: [rcordium@gmail.com](mailto:rcordium@gmail.com);

<http://www.montfortian.info/amqah/>



## « Mampandria sofina amin'ny fivàvako, ry Tompo »

Pierrette MAIGNÉ

SALAMO (Sal 85 (86), 5-6, 9ab.10, 15-16ab)

*Fiv./ Tsara fo lanao, ry Tompo, ka mamela heloka.*

Tsara sy mpamela heloka lanao, ry Tompo,  
be fitiavana an'izay miantso Anao!  
mampandria sofina amin'ny fivàvako,  
ho tandrinao ny feoko mitaraina.

Ny firenena rehetra dia voarinao :  
hiankohoka eo anoloanao izy, ry Tompo.  
Eny, hanome voninahitra Anao,  
Fa lehibe sy mahefa zava-mahagaga lanao :  
lanao manko no Andriamanitra, lanao irery dia lanao irery!

lanao, ry Tompo Andriamanitra,  
mpamindra fo sy mpiantra,  
tsy mba malady vinitra lanao, be fitiavana sy fahamarinana.  
Mba todiho maso aho, ka iantrao, ry Tompo.



Andininy vitsivitsy amin'ity salamo ity ihany no omen'ny litorjia antsika ho dinihina amin'izao alahady faha 16 mandavantaona izao ary hita mifandimby ao ny fitalahoana sy ny fisaorana an'Andriamanitra.

Miresaka amin'Andriamanitra ny mpanoratra azy ary inona moa no ambarany momba Azy :

- Ireo famaritany an'Andriamanitra : tsara fanahy, be fitiavana, lehibe, tokana ihany, mpamindra fo sy miantra, tsy malady vinitra.
- Ireo asany : mamela heloka sy mahefa zava-mahagaga Izy.
- Ireo fangatahana ataony Aminy : mampandria sofina, mihainoa, todiho maso aho, iantrao aho.

Mangata-bonjy amin'Andriamanitra ny mpanoratra ny Salamo ary miantso ny hatsaram-pony sy ny famelan-keloka avy Aminy; afaka miaiky fa mpanota eo anatrehan'Andriamanitra ny olombelona satria manambara ihany koa ny famindrampon'Andriamanitra izy, ary inoany fa hohenoina sy hahazo izay iriany.

Matoky ny hatsaram-pon'Andriamanitra sy ny tsy fivadihany amin'ny fanekem-pihavanana nataony izy, na dia teo aza ny fahotan'ny olombelona, ka iriany ny hitory izany mba hanomezana voninahitra an'Andriamanitra, tsy izy sy Israely ihany fa ny firenen-dehetra koa. Milaza io andininy io ny Bokin'ny Apôkalipsa (15, 4) ary manambara ny fahatanterahan'izany faminaniana izany.

Lehibe sy mahefa zava-mahagaga lanao : feno fitanisàna ny zava-mahagaga nataon'Andriamanitra ny ao amin'ny Testamenta Taloha manontolo, ahitàna izany voalohany ny Boky Eksaody izay mankalaza ny salamo 135 amin'ny alàlan'ny fiverenana hoe : mandrakizay ny fitiavany.

*“” Ankoatra Azy dia mandalo ihany ny zava-drehetra ary tsy misy izay azo hianteherana.*

Andriamanitra, ilay Irery : voaantso hitory izany maha Irery ihany an'Andriamanitra izany Israely, tsy hitsahatra ny hampahatsiahy ny vahoakany izy isaky ny very làlana sy halaim-panahy hanompo andriamanitra hafa izy ireo; tsaroana amin'izany i Elia manoloana ireo mpaminanin'ny Baala. Manambara izany amin-kery ny vakiteny voalohany amin'ity alahady ity, izay nalaina tao amin'ny Boky Fahendrena : tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy lanao ihany. Ankoatra Azy dia mandalo ihany ny zava-drehetra ary tsy misy izay azo hianteherana.

Andriamanitra be fitiavana sy fiantràna : fitanisàna ara-bakiteny ny Boky Eksaody 34, 6 izay ahitàna ny nanambaran'Andriamanitra ny Anarany araka izany teny izany, taorian'ny tantaran'ilay zanak'omby volamena. Eny, lehibe lavitra noho ny fahotantsika ny fitiavan'Andriamanitra, izany no antony tokony hiantsoantsika Azy tsy amin-tahotra sy am-pitokiana. Raisin'ny mpanoratra ny Salamo amin'ny teniny ny Tompo : raha izany tokoa no Anaranao, mba todiho maso aho ka iantrao. Izany no famonjena andrasany amin'Andriamanitra ary avy Aminy irery ihany. ■



## « *Fanavaozana ny endrikin'ny tany sy ny Fiangonana* »

Dola Dhanush

*Nasandratrin'ny papa Pie XII ho Olomasina i Louis-Marie de Montfort tamin'ny 20 jolay 1947 ary hankalaza ny faha 73 taona hitsingerenan'izany isika amin'ity taona 2020 ity. Ny lahatsoratra manaraka izao dia fandinihina natao izay afaka raisina mba hanamarihana izany andro miavaka izany.*



Manana “Mpanorina sy Olomasina Mpiaro” eo ambany maso izay nanana fanomezam-pahasoavana misionera manokana mampanankarena ny Fiangonana manontolo, ny fianakaviana montfortanina ankehitriny. Isaorana Andriamanitra Trinite Masina tamin'ny nanolorany lehilahy iray antsoina hoe Louis Grignion ho an'ny olombelona rehetra sy ny Fiangonana.

“Inona no hitanao, ry mpandalo? Fanilo tsy mirehitra intsony, lehilahy iray izay levon’ny afom-pitiavana, izay nanolotra ny tenany manontolo ho an’ny rehetra, Louis-Marie Grignion de Montfort”. Voambara mazava eo amin’ny soratra hita eo amin’ny fasany ny maha izy manokana an’i Louis-Marie toy “ny lehilahy iray izay levon’ny afom-pitiavana”. Ny Fanahy Masina, izay “fitiavana mampiray ny Ray sy ny Zanaka” (VD36) nirotsaka tao am-pony, no nandrehitra izany afom-pitiavana izany.

Mirehidrehitra fitiavana mafy ny fony mba hitadiavana sy handray ho vady ny Fahendrena, izay tsy iza fa i Jesoa-Kristy ihany. Izany afom-pitiavana izany no nanaovany ny tenany “manontolo ho an’ny rehetra”. Ny soratra eo amin’ny fasany dia mbola manohy milaza fa amin’ny maha “Pretran’i Kristy” azy dia “nanaraka ny fiainan’i Kristy” ny fiainan’i Louis-Marie, nitory an’i Kristy n’aiza n’aiza ny teny naloakan’ny vavany, tamin-kerimpo, ary tsy niala sasatra izy raha tsy tao anatin’ny vata nandevenana azy. Louis-Marie dia ilay “rain’ny mahantra, mpiaro ny kamboty, mpampihavana ireo mpanota”!

Nahatanteraka ny iraka misionera ara-panahy “tamim-boninahitra” indrindra ity “misionera apostolika” miaina ho an’ANDRIAMANITRA IRERY ity, izany hoe tamim-pihobiana manetriketrika niaraka tamin’ireo olona nanodidina azy tao amin’ny efitra nahafaty azy, ny Hira 152 (cantique 152) izay noforoniny ihany : “Andeha isika, rahavako, andeha isika ho any am-Paradisa”. Rahefa izany, tamin’ny tàmàna roa nampifandraisiny haka endrika lakroa, dia nitso-drano ireo olona rehetra nanatrika teo ity “misionera mpivenjivenjy” ity.

“Tonga amin’ny fiafaran’ny asako aho”, hoy izy nisento naka tahaka ny Mpampianatra nilaza teo ambony Hazofijaliana hoe : “consummatum est” (Jn 19, 30). Ho an’i Montfort, misiona ny fiainana. Tontosany ny iraka nankinina taminy. Nahatratra ny tanjona izay nanirahana azy teto amin’izao tontolo izao izy ary niaina fiainana feno tanteraka!



Inona àry izany ilay iraka manokana izay tena nandrera ny ain’i Montfort tety an-Tany? Tsy nahita mihintsy aho tao amin’ireo boky mitantara ny fiainany hoe nanao batemy izy, fa fantatro marina kosa anefa fa tao amin’ireo Fitsipikan’ny Misionerany n°2 dia namerina nilaza ireto tenin’i Masindahy Paoly ireto izy : “Tsy ny hanao batemy no nanirahan’i Kristy ahy, fa ny hitory ny Vaovao Mahafaly” (1Kor 1, 17).

Tsy hilaza aho hoe mora ny manorina trano, fa ny fikarakarana trano efa mijoro dia sarotra ihany koa. Amin’ny alàlan’ny kalitaon’ny fikarakarana sy fanolokoloana atao aminy no ahitàna raha mahatahiry ny fahatanorany ny trano iray na dia efa an-jato taona aza ny niorenany. “Iraho, Tompo, ny Fanahinao, izay manavao ny endrikin’ny tany, mba hahita ilay fahatanorana indray ny Fianganana sy hampielny ny fitiavana ao amin’izao tontolo izao.”



*“Tsy ny hanao batemy no nanirahan'i Kristy ahy, fa ny hitoro ny Vaovao Mahafaly” (1 Kor 1, 17).*

Nohavaozin'i Montfort ihany koa ny Fiangonana. Ny “Ecclesia sempre reformanda” dia nahita ny “mpiandraikitra” azy, “mpanorina” na “mpanangana” azy tao amin'i Montfort. Araka izany dia miandraikitra ny fitehirizana ny lanjan'ny batemy ao amin'ny kristianina i Montfort. Fa inona tokoa moa no ilàna loko tsara endrika, rindrina malama tsy misy tresaka, tafo-trano mirindra tsy mibiloka na lavaka mety hampiditra ranon'orana, sy ny sisa.. raha toa ka marefo ny fototra sy ny andrin-trano? Aoka isika hifantoka amin'izay tena fototra lehibe indrindra aloha, izay tsy hita maso, dia hanaraka avokoa ny sisa.

Mahafantatra tsara isika fa, teo amin'ireo iraka notanterahiny, niaraka tamin'ny fitantanan'Andriamanitra, dia nividy biriky, fandraofana, simenitra, fasika, fantsona, ... i Montfort mba hanarenana ireo Fiangonana sy Lasapely, hanorenana Kalvery, hananganana ireo Lakroa sy ireo karazana famantarana ivelany maro. Fa ny zavatra tsy azontsika hodian-tsy hita, izay tena manana ny lanjany tokoa, dia ny fitorian-teny nataony, miaraka amin'ireo fomba nanatanterahany azy isan-karazany : fandalinana ny Soratra Masina, fampianarana ny Katesizy, ny fananarana maro mandritra ireo fankalazana, ny fampianarana ireo fomba fivavahana (ohatra ny fanaovana Raozery), ny fampikonfesena, ny fanavaozana ny batemy, ny fampianaran-kira, ny fanaovana diam-bavaka, ... ary amin'ny alàlan'ireo fomba ireo no nanavaozana na namelombelomana indray ny toe-panahy kristianina. Nampiofana fikambanana apostolika lahika sy arapanahy maro koa izy mba hitandrovana sy hanavaozana ny toe-panahy sy ireo vokatry naterakin'ny misiona izay nafafiny tao amin'izy ireo. Nanoratra taratasy ho azy ihany koa izy mba hanamafisan'izy ireo ny lalany mankany amin'ny fahamasinana. Nanoratra asasoratra sy fitsipififehezana maro isan-karazany ihany koa izy... ary ireny rehetra ireny dia mikendry indrindra ny hitomboan'ireo mpino fahamasinana! Nanorina ny Fiangonana i Montfort : manokana sy manaradrafitra; mba ahafahany miaina amin-kafenoana ny fiainana ny batemy.

Araka i Montfort dia tokony ho sahala amin'ireo apostôly sy Maria ny Fiangonana izay nandray “ny herin'ny Fanahy Masina nidina teo aminy” mba ho tonga vavolombelon'i Jesoa-Kristy “tany Jerosalema, manerana ny Jodea sy Samaria ary hatrany amin'ny fara-vazantany” (Asa 1, 6-14). Amin'izao iainan'ny Fiangonana izao (antsoina hoe “andro farany” – VD 55-59), ireo misionera na “apostôlin'ny andro farany” dia tokony hanao “safo-dranon'afom-pitiavana sy fahamarinana” (PI 16) na “safo-dranon'afom-pitiavana madio, izay tokony ataon'ny Fanahy Masina ny hampampirapiratra azy eo amin'ny tany tontolo amin'ny fomba maneho fitiavana sy mirehidrehitra...” (PE 17).



“ Iraho ety amin’ity tany ity izany Fanahy mirehidrehitra izany ary manangàna “misionera” mirehidrehitra koa!

Ny batemy dia firobohan’ny olombelona ao amin’ny fitiavan’ily Andriamanitra-Fitiavana : Ray, Zanaka sy Fanahy Masina. Ny anjara iraka omena ny Fiangonana dia ny mampitombo ny fambolena ilay “tsimok’aretim-pitiavana” mba ho tonga fahendrena amin’ny maha olona tokoa ilay “fanandevozan’ny fitiavana”. Izany fomba fijery izany anefa dia inoana fa mifandray amin’ny fomba iafaran’ny olombelona satria tranga miseho miandàlana maharitra izay ho tanteraka ao amin’ny tantara hatrany amin’ny fahatongavan’i Kristy fanindroany, ary famintinana ny zava-drehetra ao amin’ny fitiavan’Andriamanitra (PE 16).

Izany voalaza izany dia fandraisana anjara, amin’ny fomba fijery montfortanina ny Fiangonana amin’ny fotoana rehetra, amin’ny fanorenana ny “fambolena ilay fitiavana” izay mameno ny fo sy izao tontolo izao! “Iraho ny Fanahinao dia ho hary ny zava-drehetra, ary hanavao ny endrikin’ny tany lanao. Iraho ety amin’ity tany ity izany Fanahy mirehidrehitra izany ary manangàna “misionera” mirehidrehitra koa! Avy amin’ny ministeran’izy ireo dia hihavao anie ny endrikin’ny tany ary ny Fiangonanao ho toy izany koa” (PE 18). ■

# « NY NIVERENAN'NY FAHAMENDREHAKO AMIN'NY MAHA-ZANAK'ANDRIAMANITRA »

Sabine DOUILLARD

*Fijoroana ho vavolombelona momba ny fiainam-panahiko sy ny maha-misionera ahy, taorian'ny Fanokanan-tenako tamin'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'i Maria Virjiny, araka ny aim-panahy nolovaina tamin'i Montfort, ny Sabotsy 14 Novambra 2014, mialohan'ny Fetin'i Kristy Mpanjaka.*



"" Ary mandrak'androany dia tsy mitsahatra manome izay rehetra mety iliako ny Fitsimbinan'Andriamanitra. Lehibe tokoa Andriamanitra.

Nandrotsaka fahasoavana nifanesy ho ahy ny fanavaozako ny Toky nomeko tamin'ny Batemy, ka ny voalohany indrindra amin'izany dia ny fiverenan'ny fahamendrehako amin'ny maha Zanak'Andriamanitra ahy indray. Dingana iray goavana sy voalohany indrindra amin'izany ny fiomanana ara-panahy izay niarahana tamin'ny Pretra Montfortana tao St Laurent-sur-Sèvre ao Vendée, izany dia niainga tamin'ireo Boky Volamena, miaraka amin'ireo matoan-dahatsoratra sy ny làlam-piainam-panahin'i Md Louis Grignion avy any Montfort. Ary taorian'ny Fanokanan-tena tamin'i Jesoa tamin'ny alalan'i Maria Virjiny, ny zava-dehibe nanamarika ahy, dia nisy ny fitsapana tamin'ny alalan'ny fahaverezana asa, ary izany dia niaraka tamin'ny faniriana anaty lalina hamaly ny antson'Andriamanitra, ka nialako an'i Vendée hihazo an'i Puy-en-Velay, ny Alatsinainin'ny Paka 2015.

Nanohina ahy ny fahasoavana hazoko teo amin'ny Toerana Masin'i Notre Dame du Puy, ny Virjiny Mainty, taorian'ireo fitsidihana maro niarahako tamin'ny Zokiko lahy sy ny fianakaviany, ka naniry ny hiaina sy hipetraka tany maharitra aho. Saingy tsy noeritreretiko ho tanteraka mihitsy ny faniriako manoloana ireo sakatsakana maro izay nitranga. Ka nandritra ny roa herinandro niomanana mba hanamarinana ity faniriana ity, ny Fitantanan'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ireo teboka maromaro, isan'ny zava-niseho ny trano nipetrahako izay mora ny vidiny. Ary ny Alahady 12 Mey, tao amin'ny Katedraly aho dia afaka nanatrika ny Fanamasinana ho Eveka an'i Mgr Luc Crépy ; niaraka tamin'ireo zanaka mpiray tam-po tamiko anankiroa, ary izahay dia isan'ireo ankizy tena tery aloha !



Saint Laurent-sur-Sèvre, Vendée, France

Farany, ny trano nipetrahana dia tsy lavitra fa dimy minitra miala eo amin'ny Katedraly, nisy ny fifandraisana tao mba ahafahana miaina sy mandrindra ny asa, ary izany dia tanaty fiadanana sy hafaliam-po ; ny 30 Avrily 2015, tonga tany Puy niaraka tamin'ny entako aho mba hitoetra any.

Fanampin'izay, iray andro taorian'ny nahatongavako dia nisy indray ny Fitantanan'Andriamanitra satria nisy mpivady nifindra toerana, hiala an'i Puy ; olona mifankahalala amin'ny fianakavian'ny anadahiko. Nomen'ireto mpivady ireto ho ahy ny zavatra tsy afaka hoentiny ireo, nefa ilaiko, isan'izany ny milina fanasan-damba. Nisaotra an'i Md Jozefa aho, izay fety hankalazaina ny ampitson'io dia ny 01 Mey.

Ary mandrak'androany dia tsy mitsahatra manome izay rehetra mety iliako ny Fitsimbinan'Andriamanitra. Lehibe tokoa Andriamanitra.

Tao Puy-en-Velay, nahatsapa fo misiônera aho satria afaka niaina an'izany aho. Fony mbola zaza aho rehefa namaky ny gazety boky " Ny tany lavitra", na tamin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona tamin'ireo karazana haino aman-jery, isan'ireny I Mère Térésa avy any Calcutta dia te ho misiônera aho. Ary ny tena kanto indrindra dia rehefa taritin'ny Fitsimbinana hampahafantatra amin'ireo mpizaha-tany na ireo mpanao diam-bavaka ao amin'ny Notre Dame de Puy aho, na ny tena antom-pisian'ity Toerana Masina eto amin'ny Katedraly ity, ka mizara an'Andriamanitra, dia mihavao ao anatin'ny fahasovana hazoko tamin'ny Batemy noraisiko aho.



Le Puy-en-Velay, Auvergne-Rhône-Alpes, France

Ary matetika dia manana fahafahana hiaina ity Fitsimbinana Tsara an'Andriamanitra ity aho, ka afaka manao asa soa amin'ireo olona sahirana araka izay zavatra ilainy, indrindra rehefa mitondra ny Hazofijaliana aho.

Aoka isika hanandratra mandrakariva ny fontsika, Ray Mpiahy sy be Fitiavana Andriamanitra, ary eo hatrany ihany koa I Maria Virjiny. Ny fisedrana rehetra dia miova endrika ao amin'I Jesoa amin'ny alalan'I Maria Virjiny. Ary ny Hazofijaliana tsirairay iainana am-pitiavana dia mampitombo antsika amin'ny Finoana. Eny, raiso ny hazofijaliantsika tsirairay eo amin'ny fiainantsika, izay toy ny raki-tsarobidy mampiombona antsika amin'ny Hazofijalian'i Kristy, izay manome antsika ny fahasoavana ka andraisantsika anjara amin'ny fanavotana, amin'ny famonjena ny Fanahy rehetra. Ary miaraka amin'I Terezy kelin'I Jesoa Zazakely, dia afaka milaza aho hoe: "fahasoavana avokoa ny zavatra rehetra" eny fa na dia amin'ny alina aza!

Nandritra ny Jobilin'ny Notre Dame de Puy, ny taona 2016, niaraka tamin'ireo mpivahiny aho namakivaky ny Jobily, ary ny taona 2018, andro maro tanaty fahavaratra, dia nandray anjara tamin'ny fandraisana ireo mpitsidika aho, teo anivon'ny Lasapelin'ny Mpanota mivalo aho; ary tena tanaty hafaliana tokoa.

Tamin'ny fiandohan'ny nahatongavako tao Puy-en-Velay, dia nahazo tso-drano koa aho nandritra ny fihaonako tamin'ny Pretra Carme iray, izy izay nitory sy nizara ny Tenin'Andriamanitra nandritra ny Laretirety ho an'ireo Karmelita. Nampahafantatra ahy ny bokiny: "Ny fahazavan'I Kristy ao amin'ny fon'ny Fiangonana – I Joany Paoly faharoa – sy ny Teôlôjian'ireo Olomasina". Ary ity Pretra Carme ity ihany koa dia manana ny Sakaizan'ny Lanitra: Md Louis Marie Grignon avy any Montfort. Nanolo-kevitra ireo Karmelita izy mba hanavao ny Toky nomen'izy ireo tamin'ny Batemy, araka ny hevitra sy ny fampianaran'I Mompera avy any Montfort. Nianatra ihany koa ny Karmelita avy eo mba hahafantatra azy bebe kokoa.

Tsapako manokana amin'ny fanoratana ity fijoroana vavolombelona ataoko ity fa I Mompera avy any Montfort dia nanjohy hatrany ny diako. Indray andro rehefa tonga tao amin'ny Karmely aho mba hivelona ny Eokaristia, dia nisy Masera iray nanolotra ahy singa mari-pahatsiarovana an'I Mompera avy any Montfort. Ity Masera Karmelita ity izay mipetraka akaikin'ny Clisson, matetika izy mandeha mivavaka ao amin'ny Fasan'I Md Louis Marie avy any Montfort, talohany namaliany ny antson'Andriamanitra ho Relijiozy, ao amin'ity Karmely Notre Dame de Puy ity.

Nanomboka tamin'ny Fanokanan-tenako tamin'I Jesoa tamin'ny alalan'I Maria, dia tena mivaivay tokoa ny fivavahako mankany amin'I Maria Virjiny, matoky ny fisiany toy ny reny niteraka amin'ny zavatra rehetra iainako aho. Te hiaina izany amin'ny fo madio aho; noho izany dia manatona tsy tapaka ny Sakramentan'ny Famindram-po aho. Ary ny tena azo antoka dia ny Fanavaozana ny Toky nomena tamin'ny Batemy; avy amin'ny Fanokanan-tena ampahibemaso nataoko amin'I Jesoa Kristy, tamin'ny alalan'ny fanelanelanan'I Maria Reny, araka ny hevitra sy ny fampianaran'I Montfort, dia fahasoavana tsy hay refesina izany, mistery iainana anaty finoana.



Ary mitohy hatrany ny dia mankao amin'I Jesoa, miaraka amin'ny fanelanelanan'ireo Sakaizako efa any an-danitra. Notre Dame du Puy no nitarika ahy tamin'ny alalan'ny Fahazavan'ny Fanahy Masina mankany amin'ny Vohitrin'ny Karmely. Indray Sabotsy tamin'ny Volana Janoary 2017, niatrika ny Lamesa tao amin'ny Karmely aho, ary nijanona tao aho nandritra ny fotoam-bavaka. Ary ny Pretra Carme nanatrika ny fihaonana nataon'ireo mpikambana Lahika Mpanokan-tena izay mitondra ny anarana hoe: "l'Ordre des Carmes Déchaux Séculier na OCDS", nanasa ahy izy ireo mba hiaraka aminy mandritra ny tontolo andro. Mihoatra ny fanantenana rehetra, ity fanasana sy ity tontolo andro niainana ity, dia tena tafiditra lalina tao ampoko.

Ary ny 30 Septambra 2017, niditra nanaraka fiofanana tao amin'ny vondrona Karmelitana Notre Dame du Puy aho ary nahazo ny fanamiana manokan'ny Notre Dame du Mont Carmel. Ity ny ampahany tamin'ny sombin-teny fanamasinana izay navoitran'ny mpitarika nandritra ny fametrahana ity Fanamiana manokana ity: "ity Fanamiana ity dia fahatsiarovana ny fitiavan-dreny nasehon'i Maria Virjiny.(...) Ny fitondrana azy tsy tapaka andro aman'alina dia famantarana hita maso ny vavaka tsy tapaka ataontsika sy ny Fanokanan-tenantsika manokana amin'ny fitiavana sy ny fanompoana an'I Maria Virjiny. Rehefa misalotra ny Fanamiana dia manavao ny Batemy noraisinareo ianareo ka mitafy an'I Jesoa Kristy Tompontsika".

“ Rehefa misalotra ny Fanamiana dia manavao ny Batemy noraisinareo ianareo ka mitafy an'I Jesoa Kristy Tompontsika

*“” Fanampin’izay, ny fiainana ny Evanjely amin’ny maha lahika, eto amin’ity tontolo izay mangetaheta Fiainana tena izy ity, dia nadrotsaka hafaliana lalina tanteraka ho ahy.*

Nandray anjara tamin-kafaliana tamin’ny fihaonan’ny OCDS sy ny fiofanana aho. Mandritra ny fihaonana izay fanaonay isam-bolana dia ny asasotr’ireo Olomasin’ny Karmely no ilo manainga ny fanahinay sy mampitodika anay amin’ny zava-marina’ny lanitra. Noho ny famindram-pony, miaina ny Fitiavan’I Kristy izahay. Tokana tsy manam-paharoa ny tsirairy, samy manana ny heviny sy ny mampiavaka azy fa ny fiainam-pinoan’ny tsirairay avy dia manatsara ny fifanakalozana anaty fahasamihafana ary samy mandray ny manandrify azy: loharanon-karena lehibe izany. Ny fihaonana dia mamelombelona finoana, mitondra Fanantenana ary Fitiavana. Ny lalàm-panorenana OCDS, araka ny fitsipik’i Md Albert, dia ny hiaina amin’ny fo sy finoana, mba ho tombotsoan’ny tsirairay sy ny Fiangonana ary izany dia manamafy hatrany ny lalam-piainako. Ny Eokaristia, ny vavaka, ny litorjia andavanandro, dia iainako ao anatin’ny fahatokisana sy ny fiombonana amin’ny Fiangonana Vatany Masina, tao amin’ity fianakaviana mahafinaritran’ny Karmely ity, safo-pahasoavana sy zava-miafina tanteraka aho. Fanampin’izay, ny fiainana ny Evanjely amin’ny maha lahika, eto amin’ity tontolo izay mangetaheta Fiainana tena izy ity, dia nadrotsaka hafaliana lalina tanteraka ho ahy.

Ary ny Sabotsy 05 Oktobra 2019, nandritra ny Vavaka maraina, teo anatrehan’ireo Karmelita, ny Pretra Karma ary ireo Mpikambana ao amin’ny Vondrona Karmelitana. Nanao ny toky teo anivon’ny OCDS aho manao hoe:

**“Mba hanarahan-dia an’I Kristy, maty sy nitsangan-ko velona, izaho, Sabine, noho ny fahasoavana avy amin’ny Fanahy Masina izay manampy ahy sy ho famaliako ny antson’Andriamanitra miantefa amiko, dia manome toky amin-kitsim-po tanteraka eo anatrehanareo Lehibem-pikambanana ato amin’ny Ordre du Carmel thérésien, ary aminareo, anadahiko sy rahavaviko am-pinoana, mba hizotra mankany amin’ny fahalavorarian’ny Evanjely, entanin’ireo toe-panahy atoron’ny Evanjely dia ny Fahadiavana, ny Fahantrana, ny Fanenkena, ary ireo Fahasambarana, araka ny lalàm-pikambanana ato amin’ny Ordre des Carmes Déchaux Séculier, mandritra ny telo taona. Ankiniko tanteraka amin’I Maria Virjiny ny fanomezan-toky ataoko, Izy Ilay Reny sy Mpanjakan’ny Karmely”.**

“Ny masoandro tsy ho fanazavana anao amin’ny andro intsony; ary ny fisomambisambin’ny volana tsy hitsilo anao intsony; fa ny Tompo no ho fahazavana mandrakizay ho anao, ary ny Andriamanitrao no ho voninahitrao”.

Bokin’Izaia Mpaminany 60,19

Araka ny fahatsoram-po sy fahafahan’ny Zanak’Andriamanitra, miaraka amin’ny fahasoavan’Andriamanitra, I Maria Virjiny, dia maniry ny hizotra amin’ity lalam-piainana ity aho amin’ny fanarahana akaiky an’I Jesoa Kristy Zanak’Ondrin’Andriamanitra, mba ho fitiavana ny Fiangonana sy fanavotana ny fanahy maro. ■

## CANTIQUE 23

# Ny fahendren'ny fahanginana

*18e tononkira andininy 49*

1.

Tianao ny ho tonga lafatra  
Sy hitazona ny tsy fananan-tsiny?  
Ity ny tsiambaratelo:  
Ampiharo ny fahanginana.  
Tianao ny hanome ho an'Andriamanitra  
Ny voninahitra tena madio?  
Mangina ianao dia hidio ny fonao  
Amin'ny voahary rehetra.

2.

Ahoana no hamonoana ny afo  
Avy amin'ny lela lozabe  
Izay mandoto sy mamono amin'ny toerana  
rehetra  
Ny fanahy tena mahatoky?  
Ny fahanginana irery no fahafatesana  
Ity mpamono olona,  
Hananany , tsy mila ezaka firy,  
Ny fandresena manontolo.

3.

O ry singa amin'ny nofo ,  
O ry lela marefo,  
Mirehidrehitra ny afon'ny helo ianao,  
Manary fanahy ianao ary manindrahindra azy,  
Ny zana-tsipikanao voapozina  
Avy amin'ny pozina tsy sitrana ,  
Ireo teninao tsara dia toetoetra mivaivay  
Ary fandriky ny devoly.

4.

Ratsy mampiahiahy sy lozabe ,  
Mpamono olona romotra,  
Sabatra malefaka, saingy mahafaty,  
Izay voaroba ny fanahy,  
Tamin'ny sabatrao roa lela  
Mamono fanahy maro ianao  
Mihoatra noho ny mpanao jadona, izay  
masiaka indrindra  
Tamin'ny vy sy ny lelafo.

5.

Ravanao ny tranonao  
Sy ny an'ny rahalahinao,  
Potika avokoa nohon'ny pozina avy aminao  
Hatrany amin'ny monastera,  
Ô, ny anjerimanotolo lehibe  
Ho an'ireo faharatsiana lehibe rehetra,  
Voatambatra ny ratsy rehetra  
Izay mameno ny hatsana.

6.

Mandoa teny maloto ianao,  
Manao fanaratsiana ianao,  
Enti-katezerana ianao,  
Feno fanaivaivana ny teninao,  
Miteny ratsy ianao, manozona koa,  
Mankahàla sady mitrerona koa  
Manotà tsy hita pesipesenina ianao  
Ary izay lehibe indrindra eran-tany.



7.  
Ry namako isany, dia sanatria ho faty isika  
Amin'ity haratsiana mahazatra ?  
Mba ialàna ny hatezerany,  
Andao isika hianatra hangina ;  
Ny fahanginana ho an'ity faharatsiana ity  
No fanafody mahasitrana,  
Mandrava ny poizina  
Sy ity biby lozan-tany .
8.  
Ny mahay miteny matetika tsy inona  
Fa vata tsy misy hidiny,  
Baolina lehibe entin-drivotra,  
Harona tsara tarehy feno fako;  
Sahala aminy voafina avokoa  
Tsy mba niahy ny tena akory,  
Azon'ny devoly tsara izy,  
Ao anatin'ny fahoriany lalina.
9.  
Ny tena be resaka matetika  
Tsy mitondra eto an-tany,  
Ny vavany mamoka soritra  
Izay entiny miady,  
Matetika izy maratra  
Miafara hatramin'ny mamoy ny aina aza ,  
Ary ny fony toy ny sivana feno loaka  
Avy amin'ny hadalàny .
10.  
Ny hendry manana ny vavany ao am-pony ,  
Ao izy no miteny, sy mitoetra .  
Mifanohitra amin'ireo be resaka  
Izay ny fony ao amin'ny vavany;  
Misaina izy ary mampiaka-peo,  
Toy ny falehan-driaka haingana,  
Saingy ny feony tsy mitondra vokatra,  
Tsy inona izy fa lalan-drano foana.

11.

Ny olon-kendry araka an'Andriamanitra,  
Feno fahendrena,  
Tsy miteny izy na zara raha miteny,  
Ny adala miteny tsy an-kijanona;  
Ny hendry mangina,  
Ny fahaginany manefy azy,  
Ny be resaka matetika mitarika henatra,  
Ary izy matetika maneligelina.

12.

Oh! ny fahaginana voalamina  
dia masina sy mahaavotra!  
Ireo Aba miantso azy  
Seminera masina,  
Izay mampianatra amin'ny fahazavan-tsaina  
Ireo fisainana masina,  
Izay mameno ny fo mangingina  
Ireo halemen-panahy feno oroka.

13.

Afaka antsoina koa izy  
Sekoly masina,  
Izay mampianatra miteny tsara,  
Mba hamehezana ny teny;  
Tsy miteny izay indrindra  
Raha tsy efa mahay mangina,  
Rehefa te hiteny tsy ankijanona  
Dia miteny toy ny sahisahy ratsy.

14.

Tohanana amin'ny saina  
Fa tena ilaina izy  
mba hanaovana vavaka,  
Satria izy no ray.  
Eny izy no mampianatra antsika  
Hanao ny tonon-bavakantsika,  
Izay manome ao amin'ny mangina sy tsy misy tabataba  
Ireo hazavana tena madio.

15.

Izy no tale lehibe  
Ary mpiahy ny fanahy,  
Mpiambina azo antoka ny fony,  
Mikarakara azy amin'ny lelafony.  
Ny fahendrena miaraka aminy,  
Tsy misy mandeha tsy misy azy,  
Izy roa no voninahitra sy andry  
Ny fanahy tena mahatoky.

16.

Boky mahafinaritra izy  
Na ny tsy mahay aza mahay mamaky,  
Ny mpitory teny malaza  
Miteny nefa toa mangina,  
Toy ny emboka tsara fofona  
Izay ny fanahy no mievoka azy,  
Tsiambaratelo izay ny fanahy mpanota  
No voalambo malefaka.

17.

Raha tsy izy ny fivavahana  
dia momba sy mihevaheva;  
Raha tsy izy, ny fitiavam-bavaka  
dia maloto sy matsatso.  
Fa ity balsama tena masina  
tsy manana alahelo;  
Mameno ny fo feno alahelo  
Hafaliana sy hasambarana.

18.

Ety ivelany Andriamanitra tsy miteny firy,  
Fa tena amin'ny maha izy azy foana;  
Oh! izany ny ohatra tsara an'Andriamanitra!  
Modely fara-tampony!  
Jesoa-Kristy nandritra ny telopolo taona  
nangina;  
Oh! Ohatra tena mamiratra  
mampiseho ny mahalavorary Azy!



silence



19.

Fa ny Renin'ny mpamonjy,  
lehibe indrindra amin'ny fahagagana,  
Nitahiry tao am-pony  
Ireo fanambarana masina,  
Zara raha niteny;  
Fantatra izany tamin'ny apôstôly,  
Ary ny fony nandinika mora  
Ireo tenin'ny hafa.

20.

Tena lesona lehibe  
Ireo olon-kendry grika,  
Mba ahazoany ny fanomezana  
Ny fahendrena goavana;  
Ny fahaginana ho an'ireo Olomasina  
Fahasambarana,  
Mba tsy hitenenany miala lavitra izao tontolo izao  
Hatramin'ny fitokana-monina.

21.

Fa ahoana anefa tsy maintsy hitenenana  
Rehefa afaka mangina ?  
Izay no tokony lanjalanjaintsika;  
Raha tsy hoe tena ilaina,  
Satria ny lela ato amin'ny tena  
Dia fahafatesana sy fahavelomana .  
Izay no antony amin'ny alalan'ny finoana,  
Fehezo ny lela, iangaviako ianareo.

22.

Ny lela miteny ny ao am-po,  
Ary mitovy izay ao;  
Na ny hasambarany na ny alahelony  
Araka izay betsaka ao;  
Raha feno fahamasinana,  
Ny lela dia tsy manan-tsiny;  
Fa raha feno haratsiana kosa,  
Ny lela tena masiaka.

23.

Mba hiresahana am-pahamasinana  
Mila miteny feno fahamalinana isika!  
Mba hitenenana am-pahamalinana,  
Mila mailo!  
Afaka miteny tsara isika,  
Ny lelantsika dia sahy,  
Fa teny iray voalaza tsy voahevitra  
Mety mahatonga haitrano.

24.

Ny lela mahatonga aretina!  
Mampianjera foana!  
Teny tsy misy dikany!  
Fandavana adala!  
Te hiala ve ianareo  
Teny maro tsy misy dikany?  
Meteza ho mpihaino,  
Ary malaina hiteny.

25.

Tianareo ny ho lafatra  
Amin'ity taranja ilaina?  
Mba malaina miresaka  
Ary ho tena mpanan-karena amin'ny fahanginana;  
Ny teny avoakan'ny vavanao voadinika  
Sy voasivana,  
Avy eo, lazao ny marina  
Tsy misy lainga sy tsy misy fitaka.

26.

Mitenena mba hampandroso  
ny hafa izay rahalahinao ,  
Mitenena mba hanome voninahitra  
Ilay Tompo ilay Rainareo;  
Katsaho Andriamanitra amin'ireo kabarinao  
Ary aza mandratra olona,  
Avy eo mitenena ary mitory isan'andro,  
Ny teninao tsara.



27.  
Rehefa miresaka tsy mahatan-bava,  
Mamaly tsy mihaino,  
Manapaka resak'olon-kafa  
Sy miteny tsy miandry,  
Na miteny foana, Ireo no endrika hadalàna ,  
Na faraharatsiny halemena lehibe  
Mifanohitra amin'ny fanetren-tena .

28.  
Rehefa miteny aza mitabataba,  
Mitenena amin'ny feo iva  
Tsy mikakakaka rehefa mihomehy,  
Tsy manao ratsy endrika na tarehy ratsy,  
Tsy mizahozaho na mieboebo,  
Tsy miteny mba hiseho,  
Mora , feno fanetren-tena,  
Tsy mampiaka-peo toa tompo.

29.  
Mitenena ao amin' ny marina  
Tsy misy fiatsaran-belatsihy,  
Tsy mahatohina ny fitiavana,  
Tsy misy fandokafana;  
Mitenena tsy am-panajana ny maha olombelona,  
Saingy tsy manahirana,  
Milavoa ianareo amin'ny zavatra rehetra ho an'ny  
hafa, Nefa tsy voatery ho mpanaraka.

30.  
Izay rehetra mampiratra tsy volamena avokoa.  
Mitenena amin-pitandremana,  
Tehirizo ny harenanao  
Ao anaty fahanginana lalina ;  
Raha tsy hoe takiana, Na noho ny fanekena,  
Mijanona ho mpanome hevitra  
Feno hafenoana.

31.  
Mitandrema tsy hiteny  
Amin'ny fotoana tokony hanginana,  
Toy eo am-pandriana na am-pisakafoanana,  
Raha tsy ilaina ;

Indrindra aza miteny  
Zavatra tsy ilaina ao am-piangonana,  
Meteza ho Kristianina mangina  
Sy feno finoana manaiky.

32.  
Izay mitabataba ato amin'ny toerana Masina  
Maneho tsy fanajana  
Sy manao fahotana eo anatrehan'Andriamanitra  
Fandikana lalana tena ratsy,  
Manome kapoka maro Azy  
Ary miteniteny foana,  
Fa Andriamanitra mamaly foana an-katezerana  
Ireo izay mampalahelo Azy.

33.  
HO AN'IREO MPIVAVAKA SANDOKA  
Mpivavaka lehibe nefa mahantra fahamasinana  
Izay mitabataba tsy misy farany,  
Eo anatrehan'Andriamanitra aho no malahelo  
anareo, Ny fitiavana no manery ahy;  
Fitiavam-bavaka jambena!  
Fitolokoana adala!  
Tsy manala baraka anao ve, Ny fiteny mendrika?

34.  
Tsy misafidy izay anjara tsara  
Ny tena mpivavaka izay mitomany,  
Miteny ny ampahany sy fahefany  
Mitabataba amin'ny ora rehetra  
Mijery esty sy eroa, Mihazakazaka eraky ny lalana,  
Mitady zava-baovao.  
Eh ry mpivavaka very!





35.

Veloma ry fitiavany vavaka,  
Satria ny vava misokatra,  
Veloma ny fivavahany,  
Eh zato fatiantokany !  
Veloma ry fiombonany  
Sy ny afo tsiambaratelony.  
Veloma ry lanitra, veloma ry tonga lafatra,  
Nozoniny ny fanahiny

36.

Ny Tompo no hitsara anareo,  
Eh ry mpivavaka tia resaka,  
Ny fahamarinany no hanasazy  
Ireo teny tsy misy dikany ataonareo.  
Be resaka amin'izao,  
Raha tsy voaheloka ianareo,  
Eh! Dia hijaly anaty fahoriana  
Mandritra ny taona maro!

37..

Oh! Hidihidy toa inona  
Ity miteny tsy misy farany!  
Tsy io ve no poizina  
Izay raisin'ny vehivavy maloto?  
Ilay ratsy tarehy tia miresaka,  
Izay tsy mahay mangina;  
Ratsy fiteny, miady ary mitabataba,  
Izay ihany no mba hainy.

38.

Ry mpivavaka, inona no hataonareo  
Ireo fahagagana izay lehibe indrindra  
Ary rehefa manantanteraka ianareo  
Ireo fanambarana lehibe indrindra,

Raha mbola miteny foana ianareo  
Tsy misy antra,  
Arinareo ny fahasoavana isan'andro,  
Ary ho very ianareo.

39.

Toa teny tsy voahevitra!  
Toa teny tsy misy dikany!  
Toa hehy tafahoatra  
Ary tsy misy afa tsy tabataba!  
Avy eo, antsoinareo hoe  
Olomasina, mpivavaka;  
Koa mandehana toy Olomasina any amin'ny adala  
Ary any amiko toy ny mpivavaka.

40.

Ity tovovavy mahay miresaka  
Olomasina izy sy maman-pahaizana  
Hita amin'ny resaka ataony  
Halemy fanahy mahafatifaty.  
Ho ahy kosa, tsy horaisko  
Ho olomasina sarivongany,  
Fa kosa toy ny vela-pandrika  
Mpivavaka araka ny toetrandro.

41.

Miteny andro sy alina izy,  
Tena korian-teny.  
Indrisy! Ny fony voababo,  
Tena virjiny adala,  
Lakadrano foana sy lalina  
Izay maneno sy manako.  
Mpivavaka sandoka, hisokatra ve ny masonao?  
Ianao no resahiko.



42.

Novakiany avokoa ireo mpanoratra,  
Ity vehivavy ity dia manan-pahaizana,  
Maro mpankafy izy.

Oh! Tena vehivavy mpanambany!

Mitanisana an'i Augustin,  
I Jérôme, I Hilaire.

Oh! Haratsiana izany! Oh! Tena poizina mahafaty,  
Indrisy anefa mahazatra loatra!

43.

Tena lazaiko anareo ny marina,  
Ry mpivavaka tsy mendrika,  
Izao tontolo izao sy ny avonany  
Mampitovy anareo,

Mety misy vidiny kely ihany

Tsy misy lela sy loha,

Ianareo roa hamavoana no manarona anareo.

Be ny voalazako, hajanoko aloha.

44.

Avelanareo ny avonavona;

handao an'izao tontolo ratsy izao,

Tadiavo ny marina

Ao anatin'ny fanahinareo.

Ety ivelany, zara raha miteneny,

Fa miresaha ao anatinareo ao betsaka,

Ao no andraisanareo an'Andriamanitra

Ilay fahamasinana fara tampony.

45.

Vavaka

Ah! Tompo vonjeo aho!

Manohitra ahy ny lelako,

Meteza re hanaka azy

Amin'ny sakana lehibe,

Diovy ankehitriny

Ireo molotro feno heloka

Amin'ny lelafo sy afo mivaivay

An'ireo mpaminany mahatoky.

46.

Tompo ô, mitenena ao am-poko,

Satria lanao irery no ankafiziny,

Ny olona mantsy mpandainga

lanao irery no henoiny.

Mitenena, tena iriko tokoa  
ny hangina amin'ny zava-boary,  
Zara aho raha hiresaka aminy  
Raha tsy hampijaly ny ozoniny.

47.

Tsy te hiresaka raha tsy Aminao aho

Mba ho olona hendry,

Na eo aza izao tontolo izao sy ny hadalany

Izay milaza ahy ho olondia.

Tsy hiteny intsony ny lelako,

Tonga ny fotoana hanginana

Mba ho voninahitr'i Jesoa

Sy ny Reniny Masina.

48.

Ny masoko, tsy hahita intsony

Ireo zavatra tsy misy dikany;

Ny sofiko, mihidy tsara

Amin'ireo vaovao.

Jamba, marenina ary moana

Amin'ny tontolo mandalo,

Ho tonga olona tena lafatra,

Olona feno fahasoavana.

49.

Mangina, noho izany ry masoko,

Mangina ry sofiko,

Mangina inao ry vavako, amin'ny toerana rehetra

Mba hilaza ny hatsarana.


Mitenena, ry foko, amin'ny Tompo

Ao anaty fihatàhana lalina,

Aza henoin'ny mpanota intsony,

Fa ny feonao efa lafatra.

ANDRIAMANITRA IRERY ■





“” Tsy hiteny intsony ny lelako,  
Tonga ny fotoana hanginana  
Mba ho voninahitr'i Jesoa  
Sy ny Reniny Masina. (C 23, 47).